

Hatramin'ny fahataperan'izao rehetra izao

« Ary indro izaho homba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao! »

(Matio 28: 20)

Mialoha kelin'ny «fahataperan'izao tontolo izao! » dia hisintaka maneran-tany amin'ny heviny malalaka na arabakiteny sy feno ny Fanahin'Andriamanitra. Rehefa mamarana ny asa fanelanelanany Kristy ka miala ao amin'ny fitoerana Masina any an-danitra, moa handao ny vahoakany ety an-tany koa ve ny Fanahy Masina?

Ny valiny dia sanatria akory izany. Misy vahoakany mbola mijanona eto an-tany izay hifantohan'ny fitiavany. Hery sy andrin'ny fiangonana hatrany ny Fanahy Masina izay misolo tena an'i Kristy eto ambonin'ny tany. Mandritra ilay andro mahory dia haharitra hivavaka ny olomarina ary eo ambany teny fikasàn'Andriamanitra « Ary mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra ho an'ny olona masina rehetra» (Efeziana 6:18).

Mahakasika ny ratsy fanahy ny fisintahan 'ny Fanahy, raha lazaina fa misintaka eran-tany Izy dia entina hanamarina fotsiny izany fa ny ankamaroan'ny mponin'ny tany no voakasik'izany. Na izao aza dia efa manomboka misintaka ny Fanahy kanefa ny fisehoany mahery vaika amin'ny tantara dia ny ranonorana farany izay mbola harotsaka ho an'ireo izay vonona ny handray Azy.

Rehefa nanajanona ny asany ny Fanahin'Andriamanitra taloha kelin'ny safodrano dia nitoetra tao amin'i Noé mianakavy Izy. Rehefa nisintaka teo amin'ny firenena Jiosy ny Fanahy noho ny fikomiana dia mbola nisy ihany ireo izay voafora fo lasa nandova ny fanekena noho ny finoana an'i Jesosy. Dia toy izany ihany koa, rehefa hisintaka eto an-tany ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny fotoana farany amin'ny tantara dia hijanona ho Mpiaro ireo mahatoky Izy ary ho Mpiambina ny fiangonany sy ho Mpampahery ny vahoakany. Ny fampanantenan'i Jesosy dia ny hitoetra mandrakariva miaraka amin-tsika hatramin'ny mandrakizay « Arak'izany hatramin'ny fotoana farany, hitoetra eo amin'ny tena Fiangonana Marina ny fanatrehan'ny Fanahy » -(Vavolombelona Mahery p 49 FR).

Rehefa hilatsaka ny ranonorana farany eo amin'ny fiangonana; ireo izay handray izany dia efa nanàla ny sakantsakana rehetra amin'ny fanatrehan'ny Fanahy ka ho eo ambany fifehezany tanteraka ny Fiangonana . Raha tsy misy io fifehezana tanteraky ny Fanahy io dia tsy ho afaka hijoro tsy hanam-pahotàna isika aorian'ny fiarafaran'ny fotoana fitsapàna. Noho io hery fenon'ny Fanahy io dia ho voaro hisedra ny fanafihana mavaivay indrindra avy amin'i Satàna ny Fiangonana.

Misaotra ny Mandrakizay aho noho ny Fanahy Masina.

